


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Taratasy fampianarana

Ny Fanahy Masina Mandrakizay, Mahalala ny rehetra, Misy amin'ny toerana rehetra



Iza moa ny Fanahy Masina? Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Amin'ny maha Kristiana antsika, dia takatsika fa ny fitiavana an'Andriamanitra no fototry ny fiainana ara-panahy rehetra. Afaka mahafantatra sy mitia an’Andriamanitra isika amin’ny maha Raintsika antsika sy i Jesosy, Zanany, amin’ny maha rahalahy antsika — ireo Olona roa voalohany ao amin’ Andriamanitra. Fa raha ny amin’ny fahafantarana sy ny fitiavana ny Fanahy Masina no resahina, ahoana no hidirantsika amin’ny fifandraisana amin’io olona fahatelo mifono mistery ao amin’ny Telo Izay Iray io?

Araka ny nolazaiko tao amin'ny taratasiko teo aloha, ny tanjon'ity Taratasy Fampianarana ity, Iza Moa ny Fanahy Masina, dia ny hanampy anao hahatakatra hoe Iza ny Fanahy Masina. Ny fanantenako dia ny hoe rehefa miara-mandalina ny Soratra Masina isika, dia hitombo fahalalàna, ao amin’ny fahagagana, ary ao amin’ny fitiavana Azy. Ao amin'ity andiany faharoa amin'ny andian-dahatsoratra ity isika dia hijery teny telo manan-danja lehibe izay mihatra amin'ny Fanahy Masina: mandrakizay, mahalala, ary manatrika ny zava-drehetra.

Mandrakizay

Ny fifandraisako manokana amin'ny Fanahy Masina dia nanomboka taona maro lasa izay, tamin'ny andro voalohany nikarohako ny Kristianisma. Rehefa nifarana ny iray tamin’ireo fanompoana Pentekotista voalohany nandrasako, dia nanontany ahy ilay mpitory teny hoe, “Mino ve ianao fa mpanota?” Tamin'izany fotoana izany, dia filozofa matianina aho ary vao avy nahavita ny disertation ny "famaritana" tao amin'ny Ambaratonga ambonin'i Cambridge. Tao an tsaiko, avy hatrany aho dia nihazakazaka namakivaky ireo famaritana isan-karazany ny amin’ny hoe “mpanota”. Nihatra tamiko daholo ireo! Dia namaly aho hoe, “Eny, mino aho fa mpanota!”

Dia nanontany ilay mpitory teny hoe, "Mino ve ianao fa maty noho ny fahotanareo i Kristy?" Nieritreritra izany aho ary namaly hoe: “Raha ny marina, tsy hitako izay mety ho hifandraisan’ny fahafatesan’i Jesosy Kristy tamin’ny taonjato roapolo lasa izay tamin’ireo fahotana nataoko teo amin’ny fiainako.”

© 2019 - Dries Du Plessis

Hendry ilay mpitory teny ka tsy niady hevitra tamiko, nefa azoko antoka fa nivavaka ho ahy izy. Andro vitsivitsy taty aoriana, dia nanana fihaonana mahery vaika tamin'i Jesosy Kristy izay nanova ny làlan'ny fiainako manontolo aho. Indrindra indrindra, fa lasa boky velona, sy misy heviny ny Baiboly.

Taorian'izay rehefa namaky ny Hebreo toko faha 9 aho, dia nahita an'ity andian-teny ity ao amin'ny andininy faha 14: "I Kristy, Izay nanolotra ny Tenany tsy misy pentina ho an'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay." Tampoka teo dia takatro ny dikan'ny teny hoe "mandrakizay". Ny dikan'io teny io dia mivelatra lavitra noho ny zavatra iray izay maharitra ela be. Ny hoe "mandrakizay" dia midika fisiana mihoatra noho ny fetran'ny fotoana — zavatra iray izay mahafaoka ny lasa, ny ankehitriny, ary ny ho avy.

Hitanao, fa rehefa nanolotra ny Tenany teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, dia tsy voafetra tamin'ny fotoana Nahafatesany ny sorona Nataony. Tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, dia niresaka ny fahotan'ny olona rehetra tamin'ny taona rehetra — tamin'ny lasa, ankehitriny, ary ho avy izany. Lasa takatro fa ny sorona Nataony dia anisan'ny fahotana nataoko taonjato roapolo mahery tatỳ aoriana.

Hatramin'ny Taona ka Hatramin'ny Taona

Mazava ho azy fa ny teny Grika hoe "mandrakizay" dia manana heviny midadasika be. Avy amin'ny anarana aion izy io, izay ahazoantsika ny teny anglisy hoe "aeon". Ny aion dia fandrefesana ny fotoana ary miseho amin'ny fomba fiteny samihafa, araka ny hitantsika ao amin'ireto fandikan-tenin'ny Baiboly ara-bakiteny ireto:

> Hebreo 7:24: "Ary, satria maharitra mandrakizay Izy, dia manana ny fisoronana tsy dimbasana"

> Joda 25: "…..ny fanjakana sy ny fahefana, hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay.

> Galatiana. 1:5: "Ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay"

Miharihary amiko fa ny sasany amin'ireo fandikan-teny anglisy dia tsy manomboka mampita ny halalin'ny dikany amin'ny fehezanteny Grika. Mampitolagaga ahy—ireo teny ireo — sy ny hafa toa azy ireo. Izy ireo dia toy ny hamandoana kely mihantona eo ambonin'ny hantsana tsy misy farany izay mampisaraka tendrombohitra roa avo loatra ka tsy azoko hiakarana. Tsy takatry ny saiko tsara fa mety hisy taona iray na dia ny taona iray aza, mainka fa misy taona voaforon'ny taona toy izany. Kanefa ny Fanahy Masina mandrakizay dia mandrakotra azy rehetra, manomboka amin'ny lasa tsy misy fetra ka hatrany amin'ny ho avy tsy misy fetra.

Nanomboka azoko tamin'ny fomba vaovao ilay anaram-boninahitra izay hivavahan'Andriamanitra tsy misy farany any an-danitra:

> "Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy!" (Apokalypsy 4:8)

Mahalala ny zava-drehetra

Mifandray akaiky amin'ny toetra mandrakizay ananan'ny Fanahy Masina ny Fahalalany rehetra. Ao amin'ny 1 Jaona ny apostoly dia mametraka fanambarana lalina nefa tsotra: Andriamanitra mahalala ny zavatra rehetra.

> "Andriamanitra lehibe noho ny fontsika ka mahalala ny zavatra rehetra" (1 Jaona 3:20)

Tsy misy zavatra tsy fantatr'Andriamanitra. Hatramin'ny bibikely madinika indrindra eto an-tany ka hatramin'ny kintana lavitra indrindra eny amin'ny habakabaka, dia tsy misy zavatra tsy fantatr'Andriamanitra tanteraka.

Fantatr'Andriamanitra ny momba antsika izay tsy fantatsika. Ohatra, Fantany ny isan'ny volon-dohantsika tsirairay avy. "Fa na dia ny volon dohanareo aza dia voaisa avokoa" (Matio 10:30).

Fantatr'Andriamanitra ny isan'ny mponina tao amin'ny tanànan'i Ninive, "ilay tanàna lehibe, izay misy olona tsy omby roa alina sy iray hetsy" (Jona 4:11). Fantany— ary Nofeheziny — ny fitomboan'ilay tanatanamanga nanaloka an'i Jona. Fantany koa — ary Nofeheziny — ny fihetsiky ny fositra izay nahatonga ilay tanatanamanga halazo.

> "Ary Jehovah Andriamanitra nanomana tanatanamanga ka nampaniry hanalokaloka an'i Jona… Kanjo nony ampitso maraina dia nanomana fositra koa Andriamanitra, ka

> namely ilay tanatanamanga iny dia nalazo." (Jona 4:6-7)

Ao amin’ny 1 Korintiana 2:9–10, i Paoly dia miresaka momba ireo zavatra izay “tsy mbola hitan’ny maso, na ren’ny sofina, na niditra tao am-pon’ny olona.” Avy eo dia nanohy ny teniny hoe: “Fa isika no nanambaran’Andriamanitra izany tamin’ny Fanahiny. Fa ny Fanahy mandinika ny zavatra rehetra, eny, ny zava-dalina izay an’Andriamanitra.”

Ny Fanahy Masina dia tsy vitan'ny hoe mandrotsaka ny lalina indrindra; Izy koa dia mananika ny havoana avo indrindra, amin'izay rehetra teo aloha, sy izay ho avy. Tsy manam-piafarana sy tsy manam-petra ny Fahalalany. Amin’izany lafiny izany, dia mahafantatra antsika amin’ny lalin-dalina koa Izy, ary Tiany ho fantatsika Izy! Ao anatin’ny fahazavan’izany fahalalàna tsy manam-petra izany no tsy maintsy miomana izaho sy ianao mba hanome tatitra momba ny tenantsika amin’Andriamanitra. “Ary tsy misy zavatra ary na inona na inona izay tsy miseho eo Anatrehany, fa ny zavatra rehetra dia mihanjahanja sy aharihary eo imason’Izay iafaran’ny ataontsika” (Hebreo 4:13).

Andriamanitra no mifehy

Rehefa takatsika ny fahafenoan’ny fahalàlan’Andriamanitra —ary indrindra ny Fahalalany mialoha — dia manome toky antsika fa na inona na inona mitranga, dia tsy taitra mihitsy Andriamanitra. Tsy misy zavatra maika ao amin’ny fanjakan’ny lanitra. Tsy vitan’ny hoe mahafantatra ny farany hatrany am-piandohana Andriamanitra fa Izy mihitsy no fiandohana sy fiafarana (Apokalypsy 21:6). Izy no mifehy tanteraka.

Indrindra indrindra, fa fantatr'Andriamanitra izay Nofidiny hiaraka Aminy amin’ny mandrakizay.

> “Fa izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin’ny Zanany, mba ho Lahimatoa amin’ny rahalahy maro Izy.” (Romana 8:29)

Raha, noho ny famindram-po sy ny fahasoavan'Andriamanitra, no tafita amin'izany toerana be voninahitra sy mandrakizay izany, dia tsy hiarahaba na oviana na oviana Jesosy amin'ny teny hoe, "Tsy nampoiziko ny hahita anao eto!" Fa kosa, hoy Izy hoe, “Anaka, niandry anao aho. Tsy afaka nipetraka tamin’ny fanasam-panambadiana izahay raha tsy tonga ianao.”

Amin'io fanasana be voninahitra io, mino aho, fa ny toerana rehetra dia hitondra ny anaran'ilay olona nomanina ho an’izany. Mandra-pahafeno ny isan’ny voavotra, dia miandry amim-paharetana mahatalanjona Andriamanitra, “tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin’ny fibebahana izy rehetra” (2 Petera 3:9).

Manatrika ny zava-drehetra

Andeha hojerentsika izao ny mpamaritra anarana fahatelo manan danja izay mihatra amin'ny Fanahy Masina: manatrika ny zava drehetra. Rehefa milaza isika fa manatrika ny zava-drehetra Andriamanitra, dia midika izany fa manatrika hatraiza hatraiza Izy amin'ny fotoana iray ihany. Ao amin’ny Jeremia 23:23–24 dia Andriamanitra Tenany mihitsy no manamafy izany:

> "Moa Andriamanitra etỳ akaiky ihany va Aho? hoy Jehovah. Fa tsy Andriamanitra any lavitra any koa? Moa misy olona mahafin-tena ao amin'ny fierena va ka tsy ho hitako? hoy Jehovah. Tsy manerana ny lanitra sy ny tany va Aho? hoy Jehovah.”

Ahoana no mety hisian'izany? Fantatsika fa Andriamanitra dia mipetraka eo amin’ny seza Fiandrianany any an-danitra, ary Jesosy eo an-Tanany ankavanana. Ahoana ary no Hamenoany ny lanitra sy ny tany amin'ny Fanatrehany?

Ao amin'ny Salamo 139:7–12 dia manome ny valiny i Davida. Voalohany, manontany izy hoe:

> "Aiza no hialako amin'ny Fanahinao? Ary aiza no handosirako tsy ho eo anatrehanao?

Izany dia manambara fa amin'ny alàlan'ny Fanahiny no anehoan'Andriamanitra ny Tenany eny rehetra eny amin'ny fotoana iray ihany. Avy eo i Davida dia nameno ny antsipiriany mazava:

> “Na dia miakatra any an-danitra aza aho, dia any Hianao; Ary na dia manao ny fiainan-tsi-hita aho, ho fandriako aza aho, indro, any Hianao; Na dia maka ny elatry ny maraina aza aho, Mba hitoetra any am-paran'ny ranomasina, Dia mbola entin’ny tananao ihany aho, Na dia any aza, sy hazonin’ny tananao ankavanana.Ary na dia hoy izaho

> aza: Aoka ny maizina hanarona ahy. Ary aoka ny mazava manodidina ahy ho tonga alina; Tsia, fa ny maizina aza tsy mahamaizina aminao, Fa ny alina dia mahazava toy ny andro; Ka sahala ny mazava sy ny maizina.”

Na aiza na aiza halehantsika, dia eo Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Fanahiny — tsy hita maso, matetika tsy hita maso, nefa tsy azo ialàna. Ho an'ny tsy mino, dia mety ho eritreritra mampatahotra izany. Fa ho an’ny mino kosa, dia fanomezan-toky mampahery, sy mampahery. Na aiza na aiza misy antsika dia “eny ihany no hitondran’ny tananao ahy, ary ny tananao ankavanana no hihazona ahy.”

Ao amin’ny Testamenta Vaovao, i Jesosy mihitsy no manome antsika izao fanomezan-toky izao: “Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory.” (Hebreo 13:5). Indraindray, isika dia mety tsy mahatsapa ny Fanatrehany. Fa amin’ny alalan’ny Fanahiny Masina, no misy Azy. Mety ho toa maizina tanteraka ny manodidina antsika, saingy araka ny nolazain’i Davida hoe, “Tsy hanafina aminao ny haizina...”

Ianao sy izaho dia mila mamboly fahatsapan-tena anaty amin'ny Fanahy Masina izay tsy miankina amin'ny porofon'ny fahatsapana ara batana. Rehefa tsy milaza na inona na inona amintsika momba ny Fanatrehany ny saintsika, na dia toa mandà izany aza izy ireo, dia tokony hisy faritra ao anatin’ny fanahintsika lalina indrindra izay mitazona ny fahatsiarovan-tena tsy tapaka momba ny fanatrehan’ny Fanahy Masina. Amin’izay dia ho takatsika bebe kokoa hoe, nahoana Izy no nomena ny anaram-boninahitra hoe “Mpampionona” na “Mpanampy”. (Jereo ny Jaona 11:26.)

Tsy misy fomba mety kokoa hamaranana ity taratasy ity noho ny fisaorana ny Ray noho ny nandefasany ny Fanahy Masina ho antsika. Hiaraka amiko amin'ity vavaka manaraka ity ve ianao?

Ry Ray any an-danitra malala ô, Misaotra Anao nandefa ny Fanahy Masina, Mpampionona sy Mpanampy ahy. Na dia tsy tsapako aza dia misaotra Anao aho fa miaraka amiko mandrakariva Izy, mampahery sy manome toky ahy amin’ny Fanatrehany. Misaotra noho ny Heriny sy ny Fiarovany ahy sy ireo izay tiako. Ray ô, mangataka Aminao aho izao mba Hamelanao ahy hiditra amin'ny fifandraisana lalina kokoa amin'ny Fanahy Masina. Ampio aho hitia sy hanome voninahitra Azy araka izay tokony hataoko. Ary misaotra Anao mialoha aho noho ny Famalianao ny vavaka ataoko, rehefa manao izany fangatahana rehetra izany amin’ny anaran’i Jesosy Zanakao Malalanao aho, amin’ny anaran’I Jesosy Kristy, Amena

Taratasy fampianarana

Fandikana: TL-L126-100-MLG
Nohavaozina farany: 29 Sept 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

